
# 365Tantara 41.Ny tolo-bidy farany



# 41. Ny tolo-bidy farany


Ny Baron X dia nanan-karena tokoa. Lahy tokana ny zanany. Ary tiany mihoatra ny zava-drehetra. Ilay zaza no tena ifantohan'ny fikarakaran'ny mpianakavy. Koa dia nihalehibe tanaty fitiavana sy tena nampihantain'ny fianakaviany tokoa izy Ary na ny fiainana ankapobeny mihintsy!



Tamin'ny fahatanorany dia maty taorian'ny aretina nahazo azy ela ny reniny. Ilay ray sisa no nitaiza ity zanany. Nitomany ny vadiny Atoa X, nefa nanomboka teo, niatrika feno ny andraikitra maha-ray azy. Indrisy anefa fa narary mafy koa ity zanany ka maty avy eo. Mbola vao 18 taona izy tamin'izany. Nitombo ny harenan'ity Baron satria niaka-bidy avokoa ny tany sy tranony.



Mpankafy zava-kanto koa izy, ary rehefa mandeha mivahiny, Noho ireo tombony azony, dia nahavidy vakoka maro izy tamin'izany. Taona maro taty aoriana, maty koa i Baron X, efa voky taona izy tamin'izany. Alohan'ny nahafatesany dia nanoratra ny didi-pananany izy, ary tena nataony an-tsipiriany mihintsy. Tiany hamidy anaty lavanty ireo vakoka sarobidy rehetra. Ny lavanty dia natao tao an-tranony. Tao amin'ilay efitrano lehibe indrindra.



Maro ireo liana tamin'ilay varotra. Ny vakoka ananany dia fanta-daza tany Angletera sy Eoropa manontolo. Maro karazana izy ireo : boky, sokitra vita marbre, alimo Hoso-doko sy vazy lafo vidy. Ny totalim-bidy dia novi-navinaina ho lavitrisa maromaro. Ny andron'ny lavanty, tonga maro ireo manam-pahaizana eran'ny Angletera. Ny mpiandraikitra ny "British Museum" aza dia tonga koa. Naranty eraky ny efitry ny trano ireo vakoka. Nisy mpampihaingo manokana nafarana mba hampisonga-dinana ireo entana. Tao anatin'ireo, dia nisy sangan'asa iray, tsara, nefa tsy dia manintona. Hoso-doko izay na-taon'artista teo an-toerana ihany. Ny sarin'ilay zanak'i Baron io natao hoso-doko io.



Tonga ny fotoanan'ny tolo-bidy, nampanenoina ny fanombohan'ny fotoana. Nangina ny iray trano. Novakian'ny mpisolo vava ny andininy iray amin'ny didim-pananana. Nandidy ny Baron X fa ny sangan'asa voalohany hamidy dia ny sarin'ny zanany. Tsy nisy nijery ilay hoso-doko. Ny rehetra dia miandry fatratra ny ambin'ny sangan'asa. Somebiseby ny rehetra. Saingy, lehilahy antitra iray ihany no mba nitsangana Nahafantatra  an'io zanany io izy taloha. Tiany ary notompoiny. Ary noho izany dia novidiany latsaky ny 1 livre ilay hoso-doko. Gaga ny rehetra fa najanon'ilay mpiandraikitra ny lavanty. Ary nangataka an'ilay mpisolo vava izy hamaky andininy hafa amin'ny didim-pananana. Nangina indray ny rehetra tao an-efitra. Namaky ilay mpisolo vava: "Na iza na iza mividy ilay hoso-doko misy ny zanako dia ahazo ny vakoka rehetra". Ny Tenin'Andriamanitra dia manambra amintsika: Izay mahalala ny Zanaka no mahazo fiainana, izay tsy mahalala ny Zanak'Andriamanitra dia tsy manana ny fiainana. Jaona 5:12 Na koa, ny epistily nosoratan'i Paoly ao amin'ny Kolosianina 2:10 manao hoe: "ary hianareo dia tanteraka ao aminy." Fantatrao ve ny Zanak'Andriamanitra?